REPOBLIKAN'I MADAGASIKARA
Fitiavana - Tanindrazana - Fandrosoana

FIADIDIANA NY REPOBLIKA

FAMPITAM-BAOVAO

Fizahantany: vonona hanatsara ny tontolon'ny fandraharahan'ny fizahantany ny fitondram-panjakana

Zava-dehibe loatra ho an'i Madagasikara ny fizahantany noho izy mampiditra vola vahiny ho an'ny firenena ka anisan'ny ezaka voalohany ataon'ny fitondram-panjakana ny fampiroboroboana ity sehatra ity. Tsy maintsy hatsaraina ny tontolon'ny fandraharahana eo amin'ny sehatry ny fizahantany mba hitondra fampandrosoana ho an'i Madagasikara. Izany no nahatongan'ny Filoha Andry Rajoelina nitsidika manokana ny andiany faha valo amin'ny hetsika International Tourism Fair Madagascar (ITM) androany 14 jona 2019 teny amin'ny CCI Ivato. Tamin'izany indrindra no nanambarany fa maro ireo tetik'asa ataon'ny fitondram-panjakana entina hanatsarana ny sehatry fizahantany eto amintsika. Ao anatin'izany ny fihaonanaa lehibe mikasika ny fizahantany hotanterahina amin'ny volana septambra ho avy izao ka hanasàna ireo vondrona lehibe sy ireo mpandraharaha eo amin'ny tontolon'ny fandraisam-bahiny sy ny fizahantany. Hantsangana ihany koa ireo fotodrafitrasa toy ny trano fandraisam-bahiny lehibe hisarihana ireo mpizahan-tany avy any ivelany. Tsy maintsy vitaina ao anatin'ny dimy taona manaraka ihany koa ny fanamboarana ny Canal des Pangalanes hoy ny Filoham-pirenena.
"Tsy hilefitra aho ary tsy maintsy ny tombontsoan'ny Malagasy no jerena. Tsy maintsy midina ny vidin'ny solika sy ny vidin'ny jiro." hoy ny Filoham-pirenena manoloana ny fiakaran'ny vidin-tsolika eto amintsika. Nanambara ny tenany fa hihaona amin'ireo mpandraharaha eo amin'ny famokarana solika ary hijery akaiky ny tsy maintsy hampidinanana ny vidin'izany sy ny fampanofana ireo groupes ampiasain'ny orinasa Jirama.

Sampan-draharahan'ny Serasera sy ny Fifandraisana
14-06-2019